



Nataon'ny Loholona L. Tom Perry
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Reny Mampianatra ny Zanany ao An-tokantrano

Mino aho fa efa lamin'Andriamanitra ilay hoe ny anjara andraikitry ny reny dia mifantoka amin'ny fikarakarana sy fampianarana ny taranaka ho avy.

Vao haingana aho no nanana fahafahana nitsidika tanàna dimy tany amin'ny Faritra afovoan'i Etazonia niaraka tamin'ny Loholona Donald L.Hallstrom. Tamin'ireo tanàna tsirairay notsidihanay dia nivory niaraka amin'ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra izahay ary arahan'ny fivoriana miaraka amin'ny mpitariky ny tsatòka sy ny paroasy hiresahana indrindra ny asa fitoriana filazantsara. Eo anelanelan'ireo fivoriana roa ireo dia hikarakaran'ny Fikambanana Ifanampiana ao amin'ny tsatòka sakafo hariva maivana izahay mba tsy handanianay fotoana ka ahafahanay mihaona amin'ireo filohan'ny tsatòka. Rehefa tonga tany Milwaukee, Wisconsin izahay, dia nisy fianakaviana mbola tanora anankiroa nangataka tamin'ny Fikambanana Ifanampiana mba hamelana azy ireo hikarakara sy handroso sakafo hariva ho anay. Nikarakara ny lakozia ireo raim-pianakaviana anankiroa. Ireo reny anankiroa kosa nanaramaso ny fandaminana ny latabatra sy ny fandrosoana ny sakafo. Ireo ankizy telodahy no tompon'andraikitra tamin'ny fandaminana ny latabatra sy ny

fandrosoana ny sakafo teo ambany fanaraha-mason'ireo reniny. Fotoana iray ahafahan'ireo reny mampianatra ny zanany izany. Tena tombontsoa manokana ny nanatri-maso ny fanarahann'ireo ankizy amin'ny antsipiriany ny fampianaran'ireo reniny. Vitan'izy ireo ireo tsara sy tanteraka ny andraikitra nomena azy ireo.



São Paulo, Brésil

Namerina tao an-tsaiko ny fampianarana noraisiko avy tamin-dreniko izany zavatra izany. Toy ny mpaminany Nefia, sy ireo maro hafa koa, dia nateraka ray aman-dreny tsongoin'olombolo aho (jereo 1 Nefia 1:1).

Vao haingana ny zanakavavin'ny anabaviko no nampiseho ahy kahie efatra feno soratra izay an'ny reniko tamin'izy nanomana ny fampianarana ny kilasiny tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Azoko sary an-tsaina hoe ireo kahie ireo—ary misy hafa izay mbola tsy nojereko—dia maneho ny fanomanana nataon-dreniko nandritra ny ora an-jatony maromaro.

I Mama dia mpampianatra mahay izay mavitrika sy mitandrina eo amin'ny fanomanany. Tsaroako tsara ireo andro alohan'ny hampianarany. Rakotry ny fitaovana sy ireo zavatra noraisiny an-tsoratra nomaniny ho an'ny lesony ny labatatra fihinanana. Be loatra ireo zavatra nomanina ka mino aho fa ampahany kely tamin'ireo ihany no nampiasaina nandritry ny fotoampianarana saingy azoko antoka koa fa tsy verivery foana ny fanomanana nataony. Nahoana no azoko antoka izany? Rehefa navadibadiko ireo pejin'ny kahieny dia toy ireny mamerina mandre ny reniko mampianatra ahy ireny indray aho. Averiko indray fa be loatra ny zavatra voarakitra ao amin'ny kahieny mikasika ny lohahevitra iray raha hozaraina mandritry ny fotoampianarana indray mandeha fotsiny, kanefa ny zavatra tsy nampiasainy tao amin'ny kilasiny dia nampiasainy nampianarany anay zanany.

Mino aho fa tsara mihitsy aza ny milaza hoe na dia mpampianatra mahomby teo anivon'ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana aza ny reniko dia taminay zanany tao antokantrano no tena nampisehoany ny fahaizany mampianatra indrindra. Marina fa isan'ny antony nahafahany nanao izany ny habetsahan'ny fotoana nananany nampianarany ny zanany raha oharina amin'ny fotoana nampianarany ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, kanefa tiako ny mieritreritra fa nanomana tamim-pitandremana tokoa izy, voalohany indrindra, mba ho ohatra eo anatrehan'ny zanany amin'ny fanaovana asa fanompoana amim-pavitrihana ao

am-piangonana, ary faharoa, satria fantany fa ny zavatra ianarany avy amin'ny alalan'ny fanomanana ny lesony dia azony averina ampiasaina amin'ny tanjona ambonimbony kokoa—dia ny fampianarana ireo zanany lahy sy vavy.

Mamelà ahy ianareo hitantara ireo lesona vitsivitsy nianarako avy tamin'ny reniko momba ny fampianarana ny filazantsara ao an-tokantrano. Takatry ny reniko ny lanjan'ny fampianarana ny zanany mikasika ny fitsipika, ny hasina ary ny fotopampianarana dieny izy ireo mbola kely. Na dia feno fankasitrahana ireo hafa mampianatra ny zanany tany ivelan'ny tokantrano na tany an-tsekoly na tany am-piangonana aza izy dia fantany fa ny ray aman-dreny no nametrahana ny fitokisana amin'ny fampianarana ny zanany, ary indrindra indrindra tokony haka antoka ny ray aman-dreny fa ny zanany dia nampianarina ny zavatra tian'ny Ray any andanitra hianaran'izy ireo. Hadihadian'ny reninay tsara izaho sy ny mpiray tampo tamiko rehefa avy nandray fampianarana tany ivelany mba hahazoany antoka fa fampianarana marina no ren'ny sofinay sy voarakitra ao an-tsainay.

Nisy andro nieritreretako fa vita ny fianarana nandritry ny andro iray rehefa teny an-dalam-podiana avy any ampianarana iny aho, kanefa rava ho azy teo ilay eritreritra raha vao mahita ny reniko mijoro eo am-baravarana mian-dry ahy aho. Fony izahay mbola kely dia samy nanana birao tsirairay avy izahay tao an-dakozia izay nahafahanay nanohy nandray fampianarana avy amin'ny mandritry ny fanaovany ny raharaha ao an-trano sy ny fikarakarany sakafo hariva. Mpampianatra tena tsotra izy ary be zavatra takiana mihoatra ireo mpampianatra anay tany an-tsekoly na tany am-piangonana.

Ny votoatin'ny fampianaran'i Neny dia sady nahitana lesona ara-nofo no ara-panahy. Ataony izay ahazoana antoka fa mahavita ny enti-modinay izahay tsirairay avy, izay matetika mbola asiany fanampiny. Izahay koa no ampiasainy hanaovany fanazarana amin'ny fampianarana ny leson'ny Fikambanana Ifanampiana. Mazava ho azy fa izahay no mandray ilay fampianarana mbola tsy voafintina ao amin'ny kahieny fa tsy ilay efa voafintina ho sahaza ny fotoampianarana indray mandeha fotsiny.

Tafiditra tao anatin'ny fianaranay tao an-trano koa ny fanaovana tsianjery soratra masina, tafiditra amin'izany ireo Fanekempinoana sy ny tenin'ireo mpaminany, mpahita ary mpanambara. Ny reniko dia isan'ireo olona izay mino fa raha tsy ampiasaina foana ny saina dia lasa malemy. Nampianatra anay izy rehefa eo am-panasana lovia izahay, na manao dibera na manampy amin'ny fomba maro hafa. Nino izy fa tsy tokony havela hiditra ny sain-janany ireo hevi-dravina na dia eo am-panaovana asa mampiasa vatana aza.

Tsy ataoko hoe reny fakan-tahaka ho an'ireo ray aman-dreny amin'izao andro izao akory ny reniko. Hafa noho ny amin'izao fotoana izao ny tamin'izany, kanefa na dia miova aza ny fotoana, ny fampianaran'ny ray aman-dreny dia tokony tsy hambaniana velively. Maro ireo karazan-javatra fanao izay mampitohy ny soa toavin'ny vanimpotoana iray amin'ilay iray manaraka, fa ny tena ivon'ireo karazan-javatra ireo dia ny fampianaran'ny ray aman-dreny ny zanany ao an-tokantrano. Tena marina izany indrindra indrindra rehefa ny fampianarana ny hasina, sy ireo fenitra arapitondrantena sy ara-toe-tsaina amampianahy ary ny finoana no resahina.

Ny fampianarana ao an-tokantrano dia mihamanan-danja tokoa eto amin'ity izao tontolo izao ity, izay hihanahan'ny fitaoman'ilay fahavalo, ary manafika izy sy manandrana mikiky sy mamotika ilay tena fototra iorenan'ny fiarahamonintsika, hatramin'ny fianakaviana mihitsy aza. Mila resy lahatra tanteraka ny ray aman-dreny fa ny fampianarana ao an-tokantrano dia andraikitra masina tena manan-danja indrindra. Na

dia manampy ny ray aman-dreny “[hanazatra] [azy ireo] amin'izay lalana tokony halehany” (Ohabolana 22:6) aza ny toeram-pampianarana toy ny any an-tsekoly sy any am-piangonana, dia natao tanteraka ho an'ny ray aman-dreny izany andraikitra izany. Araky ny drafitra lehiben'ny fahasambarana, dia ny ray aman-dreny no nametrahana fitokisana amin'ny fikarakarana sy fampivoarana ny zanaky ny Raintsika any an-danitra. Ny fianakaviansika dia tafiditra tanteraka ao amin'ny Asany sy ny Voninahiny—” [mba hanatanterahana] ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona” (Mosesy 1:39). Raha eo amin'ny drafitra mandrakizain'Andriamanitra izany dia ny ray aman-dreny no mitana ny anjara toerana fototra eo amin'ny fiainan'ny zanany. Soa ihany fa misy olona hafa tafiditra amin'izany fiainany izany, izay afaka maha ny toeran'ireo ray aman-dreny raha toa ka tsy afaka izy ireo. Kanefa ny ray aman-dreny no nodidian'ny Tompo hitaiza ny zanany amin'ny fahazavana sy fahamarinana. (Jereo F&F 93:40).

Ny ray aman-dreny no mitondra ny fahazavana sy fahamarinana eo an-tokantranony amin'ny alalan'ny vavaky ny mpianakavy, ny fandalinana soratra masina, ny takarivan'ny mpianakavy, ny famakiana boky amin'ny feo avo, ny fihirana ary ny fiarahana misakafo araka ny fotoana isehoan'izany tsirairay avy. Fantany fa ny fitaizan'ny ray aman-dreny araky ny fahamarinana, amimpieritreretana, amim-paharetana ary isan'andro dia isan'ireo hery matanjaka indrindra izay mahatonga ny hatsarana eto amin'izao tontolo izao. Ny fahalavorarian'ny fiaraha-monina, ny



fahasambaran'ny olona ao aminy, ny fi-roboboany, ary ny fandriampahalemana iainany dia mifototra daholo amin'ny fampianarana ny zanaka ao an-tokantrano.

Nampianatra ny Filoha Joseph Fielding Smith hoe: “Andraikitra ny ray aman-dreny ny mampianatra ny zanany mikasika ireo fitsipiky ny famonjena amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, mba hahafantaran'izy ireo ny antony hanaovana batisa azy sy hanany faniriana lalina ao am-pony hanohy hitandrina ny didin'Andriamanitra aorian'ny batisany, mba hahafahan'izy ireo mivevina eo anatrehan'ny. Moa ve ianareo ry rahalahiko sy anabaviko mahafinaritra, mila ny fianakavianareo sy ny zanaka-reo; tianareo ve ianareo hofehezina amin'ny rainareo sy reninareo eo anoloanareo . . . ? Raha izany dia tokony hanomboka hampianatra azy ireo ianareo raha vao teraka. Amin'ny alalan'ny ohatra sy ny fitsipika no fomba ampiarananareo” (Conference Report, Ôkt. 1948, 153).

Ny ohatra nasehon'ny reniko amin'ny maha-mpampianatra azy tao an-tokantrano dia mahatonga ahy hieritritra zavatra hafa, izay mikasika ny fampianarana amin'ny ankapobeny. Mandany fotoana be hieritretana ny fomba hanatsarana ny fampianarana ato am-piangonana ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana. Nahoana isika no mandany fotoana sy hery toy izany? Satria mino ny hery goavan'ny fampianarana isika mba hampitomboana ny finoan'ny tsirairay sy hanamafisan'orina ny fianakaviana. Resy lahatra aho fa iray amin'ireo fomba mahomby indrindra azontsika atao hanatsarana ny fampianarana ato am-piangonana ny fanatsarana ny fampianarana any antokantranontsika. Ny fampianarantsika ao an-tokantrano dia manomana antsika hampianatra amin'ny fomba mahomby kokoa any am-piangonana, ary ny fampianarantsika any ampianarana dia hanampy antsika hampianatra amim-pahombiazana kokoa any an-trano. Manerana ny Fiangonana dia misy hatrany ireo latabatra fihinanana ahitana fitaovana sy kahie feno hevitra entina ampianarana ny lesona. Tsy misy izany hoe fanomanana tafahoatra izany eo amin'ny sehatry ny fampianarana ny filazantsaran'i Jesoa



Kristy, satria ny hevitra ara-pilazantsara, na ho ampiasaina mandritry ny fotoam-pampianarana izany na tsia, dia azo ampianarina ao an-tokantrano foana.

Ilay taratasy nentanim-panahy: “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” dia milaza hoe:

“Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. ‘Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro’ (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, ny hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, ary ny hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, sy hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. . . .

“. . . Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviana amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny mahampiaran-miasa mitovy lenta azy ireo.” (*Liabona*, Ôkt. 2004, 49).

Araky ny voalaza ao amin'ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao,” ireo fitsipika izay nampianariko mikasika ny fampianarana ao an-tokantrano dia ho an'ireo ray aman-dreny roa tonta, kanefa lehibe dia lehibe tokoa izany andraikitra izany ho an'ny reny. Matetika ny ray mandany ny fotoany any am-piasana lavitry ny tokantrano. Izany no antony iray

mahatonga ny fampianarana ny zanaka ao an-tokantrano hiankina amin'ny reny. Na dia miovaova aza ny toe-javatra iainana ary na dia tsy voatery ho tantaraka foana aza ny tsara indrindra dia mino aho fa efa lamin'Andriamanitra ilay hoe ny anjara andraikitra ny reny dia mifantoka amin'ny fitaizana sy fampianarana ny taranaka ho avy. Maro ireo olana atrehintsika ankehitriny izay ahitana ireo fitarihana mandrebireby sy mamotika izay atao hamiliana lalina ny zanak'Andriamanitra. Maro ireo tanora hitantsika ankehitriny izay tsy manana ny fiorenana lalina ara-panahy izay ilainy mba hihazonany ny finoana rehefa mifofofofa manodidina azy ireo ny tafio-drivotry ny tsy finoana sy ny fahakiviana. Maro loatra ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra no resin'ny fanirian'izao tontolo izao. Ny fihanaky ny faharatsiana misintona ny zanatsika dia lasa misoko mangina kokoa ary tsy misy fahamenarana intsony raha oharina amin'ny taloha. Ny fampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao antokantranontsika dia manampy ireo hery fanoherana hafa hiarovana ny zanatsika amin'ny fitaomana ratsin'izao tontolo izao.

Hitahy anareo anie Andriamanitra ry reny sy ray mahafinaritra ato Ziona. Nametraka ny fitokisany taminareo Izy amin'ny fikarakarana ny Zanany mandrakizay. Amin'ny maharay aman-dreny antsika dia miaramiombona antoka amin'Andriamanitra, eny miara-misalahy Aminy mihitsy aza isika, hanatanteraka ny Asany sy ny Voninahiny eo anivon'ny Zanany. Andraikitra masina miandry antsika ny hanao ny tsara indrindra vitantsika. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■